

Jesoa Velona Ao Amia i Maria

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information + N° 44, décembre 2021 + Association Marie Reine des Coeurs





FOIBEM-PARITRA AO TRINITAPOLI, ITALIE

**Avy amin'i P. Giovanni Personeni,
SMM, any Trinitapoli**

Ny Fikambanana « Association Marie Reine des Cœurs » any Trinitapoli, Faritanin'i Barletta-Andria-Trani ao amin'ny Faritr'i Pouilles any Italie dia manana zava-baovao eo amin'ireo mpikambana ao aminy : ny sasany amin'izy ireo dia manao voady ary misafidy ny haina eny anivon'ny fiarahanonina, manao ny fanoloran-tena mivantana sy azo tsapain-tanana kokoa amin'ny alalan'ny Fikambanana sy ao anatin'ny misiôna miaraka amin'ny fianakaviambe Montfortana. Izany dia mifanaraka amin'ny Sata mifehy ny Fikambanana ankehitriny, andininy faha 11-12. Misy zavatra hafa iray mampiavaka ihany koa: ny mpikambana ao amin'ny Foibe dia manatanteraka asa fitoriana amin'ny alalan'ny hira sy ny mozika. Mazava ho azy fa io dia isan'ny fitaovana iray mandaitra ampiasain'ny misionera mba hanohina ny fon'ny olona. Tsy io ve no fomba nampiasain'i Père de Montfort tamin'ny asa fitoriana nataony, tamin'ny namoronany ny Tononkira ara-panahy 164 ho an'ny misionera, mba hanavaozana ny toe-tsaina kristianina tokony hananan'ny olona araka izay voalaza amin'ny toky nomena tamin'ny Batemy? Noho izany dia ilaina ny mamaky ity fifampizarana ny fiainan'ny misionera ity, izy ity dia iray amin'ireo Foibe tena mavitrika indrindra amin'ny Fikambanana ankehitriny. Voarainay tamin'ny faran'ny volana Febrero 2021 ity fifampizarana ity, avy amin'i Mompera Giovanni Personeni, Tale ara-panahin'ity Foibem-paritra ity. Mazotoa ary mamaky.

Batemy? Noho izany dia ilaina ny mamaky ity fifampizarana ny fiainan'ny misionera ity, izy ity dia iray amin'ireo Foibe tena mavitrika indrindra amin'ny Fikambanana ankehitriny. Voarainay tamin'ny faran'ny volana Febrero 2021 ity fifampizarana ity, avy amin'i Mompera Giovanni Personeni, Tale ara-panahin'ity Foibem-paritra ity. Mazotoa ary mamaky.

Mompera Giovanni Personeni, Tale ara-panahin'ity Foibem-paritra ity. Mazotoa ary mamaky.

1. TANTARA FOHY MOMBA NY FIKAMBANANA AO TRINITAPOLI

Tamin'ny taona 1981 no teraka tao am-pon'ny tovovavy iray avy ao Trinitapoli ny faniriana hivavaka amin'ny Reny any an-danitra miaraka amin'ny Razoery mandritra ny fotoana lava nijanonana tao amin'ny toeram-pitsaboana, izay mifandray amin'ny fijaliana sy ny aretina. Noho izany dia teraka nanomboka teo ny senakla voalohany miaraka amin'i Maria izay nanangona fanahy maro tao an-tranony.

Ny fototra iorenan'ny **Fikambanana «Miaraka amin'i Maria ho amin'i Jesoa»** izay vao teraka dia naorina manodidina ny fihainoana ny Tenin'Andriamanitra, ny fankalazana ny Eokaristia, ny vavaka manokana, ny fitsahana ny Sakramenta Masina ary ny katesizy mpamolavola, amin'ny fotoana iombonana izay iarahanay mihalehibe ao anatin'ny fanetren-tena, ao anatin'ny fanompoana sy ny fiantrana ireo mahanttra . Ny tanora sasany ao anivon'ny Fikambanana noho izany dia voasarky ny fahatsorana sy ny fijoroana vavolombelon'ity fomba marialy ity, izy ireo izay nanokana ny tenany amin'ny fitoriana ny vaovao mahafaly any amin'ny paroasin'ny Diosezy, any amin'ny fonja, ny toeram-pitsaboana, ny fitaizana zaza kamboty ary eny an-kiandra. Avy eo dia teraka tao amin'ny Fikambanana ny tarika ara-java-kanto mpitoky ny Vaovao mahafaly antsoina hoe: **« Fo mandeha sambo »** (**amin'ny teny Italiana dia hoe: Cuori Naviganti**)

Tamin'ny taona 1999, nandritra ny fivahinianana Masina natao tany Medjugorje dia nihaona tamin'i

Mompera Michele Filipovič, smm,
pretra Montfortana ao Zagreb izahay. Izy no pretra voalohany nampahafantatra anay ny aim-panahy montfortana... Izy no hampifandray anay amin'ny ankohonam-piainan'ny Misionera Montfortana ao Santeramo in Colle (Bari, Italie) izay hanaraka ny fiofanana ara-panahin'ny fikambanana manomboka izao amin'ny fakàna aingam-panahy avy amin'ny lova ara-panahin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort.



Ny fihaonana tamin'ny « **Fitiavana amampajana Marina an'i Maria** » nataon'i Masindahy Louis-Marie Grignon de Montfort dia manambara aminay ny maha-zava-dehibe ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria izay mandrehitra ny faniriana hahazo valiny feno kokoa hatrany amin'ny fitiavan'Andriamanitra ary manampy antsika hahatakatra ny iraka maika miandry antsika rehetra, izany hoe manambara ny tsiambaratelon'ny fahamasinana rehetra izay mety hahatonga ny fanahin'Ilay nototororonina tsy azonkeloka ho mpandresy ao amin'ny fanahin'ny olombelona ankehitriny, « harena » iray izay fantatsika ary tsy azontsika afenina fa andrasan'izao tontolo izao ny hahitany ny lâlana hiverenany any amin'Andriamanitra.



Ny 4 Oktobra 2010 no dingana lehibe amin'ity fiombonam-panahy sy ny iraka miaraka amin'ny Fikambanana Montfortana ity, rehefa neken'ny Tale Jeneralin'ny Misionera Montfortana ny Fikambanana ao Trinitapoli, ho foibem-parity ny Fikambanana « Association Marie Reine des Cœurs » dia tafaray tanteraka amin'ny Fikambanana « Compagnie de Marie » izay naorin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort ary mitondra ny anaran'ny **Fikambanana** «

Association Marie Reine des Cœurs – Firahalahiana « Ad Jesum per Mariam » miaraka amin'i Tale ara-panahy Mompera Giovanni Maria

Personeni,smm. Ankoatra izay dia ny 4 Avrily 2012 no nahazo ny fankatoavana sy ny lâlam-panorenan'ny « **Vondron'ny Lahika manao Voady** » ny **Fikambanana**.

Isam-bolana dia miara-mivory ny rehetra anatin'ny laretirety izay tarihan'ny Misionera Montfortana. Fotoana iray manokana ihainoana ny Tenin'Andriamanitra, fiofanana kristianina ary fandalinana ny aim-panahy. Miaina eo ambany famantarana ara-pirahalahiana, ny laretirety dia maneho fotoana iray iombonana sy fifampizarana andram-piainana amin'ny alalan'ny finoana. Isantaona, ankoatra ny fihaonana mahazatra any Lorette dia mikarakara favoriam-paritra izahay izay tsy vitan'ny hoe fanaovana fiofanana irery ihany fa ihany koa fiombonana ara-panahy ho an'ny vondrona rehetra ao amin'ny faritra izay miaina ity aim-panahy ity.



Nanatevin-daharana ny Foibem-pikambanana ao Trinitapoli ny Fikambanana misionera hafa. Miaramisa mandrakariva amin'ny "Compagnie de Marie", io no fihaonana miaraka amin'ny Misionera Montfortana miasa ao amin'ny misiona "ad extra" izay nanamarika ny fanombohan'ny fanoloran-tena tena lehibe kokoa ho an'ny misiona any Afrika. Taorian'ny fitsidihany an'i Malawi niaraka tamin'ireo tanoranay miisa 15 izay notarihan'i Mompera Eugenio Cucchi, smm, dia nitsidika tany Brésil ihany koa izahay, ka tonga nikarakara zaza kamboty miisa 100 izahay, izy ireo izay iantohan'ny fianakavianay any alavitra. Lava-drano maro no naorina tany Zambie sy Malawi, ary farany, mialoha ny fiverenany ho any Italie, ny vondrona mpitory ny Vaovao Mahafaly dia nanao ny tenany ho iraka malaza tamin'ny alalan'ny fanampiana an'ny Tale dia i Mompera Eugenio Perico, smm.

Ankehitriny, taorian'izay lèlana nizorana izay, dia mahafinaritra ny midera ny asan'i Maria, izay naoriny nandritra ireo taona ireo tao anatintsika sy teo amintsika, mba ho tanteraka amin'ny zanany tsirairay ny Fanjakan'i Jesoa Zanany. Ny fanatrehan'ny Reny any an-danitra no mahatonga antsika hahatsapa fa zava-dehibe ny mahafantatra sy mitia ny Zanany dia Ilay Fahendrena tonga Nofo. Izany no antony lehibe tokoa, ary indrindra amin'ny fotoanan'ny Fanahy sy amin'ny asa misionera izay ataontsika no mitarika antsika hankatoa an'i Maria, mahatsiaro tena isika fatiany akanjo tsara tarehin'ny Zanany tokana sady Lahimatoa dia i Jesoa Kristy (VD 206). Izany no andram-piainana iveloman'izay rehetra manokan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria ankehitriny, noho ny fanampian'ny Fikambanana, araka ny fampianaran'i Montfort.

“Ny fanatrehan'ny Reny any an-danitra no mahatonga antsika hahatsapa fa zava-dehibe ny mahafantatra sy mitia ny Zanany dia Ilay Fahendrena tonga Nofo.

2. FAMPANDROSOANA NY MPIKAMBANA ISAN-TAONA. FIRY NY ISAN'NY MPIKAMBANA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO?

Nanomboka ny taona 2011, raha ny salan'isa dia eo ho eo amin'ny 380 olona isan-taona no nahavita ny dingam-piomanana sy tonga amin'ny fanokanan-tena ary nisoratra anarana ho mpikambana ao amin'ny "Association Marie Reine des Coeurs". Amin'izao fotoana izao dia **mahatratra 3.823** ny fitambaran'ny mpikambana ao amin'ny Fikambanana.



3. ANARAN'NY MPANDRINDRA ANKEHITRINY

Amin'izao fotoana izao dia ireto ny Mpandrindra ny Foibe ara-panahy Montfortana an'ny

Firahalahiana « Ad Jesum per Mariam » an'ny Fikambanana « Association Marie Reine des Cœurs

ao Trinatipoli :

- Talen'ny Foibe : **P. Giovanni Maria**

Personeni, SMM

- Ny Tompon'andraikitra amin'ny fifandraisana :

Anna De Girolamo

4. INONA NO HETSIKA FANOFANANA ATOLOTRA AN'IREEO MPIKAMBANA?

Ho an'ireo rehetra te hanatevin-daharana dia misy ny laretirety isam-bolana (Alahady indray

mandeha isam-bolana) ao amin'ny Foibem-paritra ao Trinitapoli miaraka amin'ny Katesizy arabaiboly sy ny aim-panahy Marialy Montfortana, ary koa ny vavaka sy ny fanentanana. Ny laretirety dia faranana amin'ny fankalazana ny Eokaristia.

Ireo izay akaiky kokoa na mahatsapa fa mila fanofanana lalindalina kokoa dia manana safidy ho tonga ny Zoma na ny Sabotsy mialohan'ny Alahady isam-bolana. Ao izy ireo afaka mihaino Katesizy hafa, mihaona amin'ny olona, mifampizara sy mamaky ny asasoratr'i Masindahy Louis-Marie de Montfort.

Fanampin'izay, fihaonambe isam-paritra anankiroa ao anatin'ny iray andro no karakaraina isan-taona. Any atsimon'i Pouilles, nanomboka ny taona 2011 ary vao haingana ny tao amin'ny Toerana Masin'i "Madonna del Buoncammino" any Altamura (Bari), ity fihaonambe ity dia ahitana olona mpandray anjara 700 farafahakeliny. Ary nanomboka ny taona 2018, any avaratra, eo anelanelan'i Lombardie sy Piémont ary Ligurie, any Tortona (faritanin'i Alexandrie any Piémont), ao amin'ny Toerana Masin'i "Madonna della Guardia" ny marimarina kokoa, manodidina ny 250 olona no nandray anjara. Ireo fihaonambe tsirairay ireo dia sokafana amin'ny alalan'ny vavaka ary arahana katesizy miisa telo na efatra izay ifandimbiasan'ny fijoroana vavolombelona sy hira ary vavaka. Ireo Fihaonambe ireo dia faranana amin'ny fankalazana ny eokaristia ary ny fanavaozana ny Fanokanan-tena.

Ny « Andro natokana ho an'ny fiainam-panahy » mandritra ny telo andro izay karakarain'ny Misionera Montfortana any Lorette, miaraka amin'ny katesizy sy ny fankalazana ary ny fanavaozana ny Fanokanan-tena no mandrafitra ny hetsika nasionaly isan-taona.

Eo an-toerana izay nizoran'ny Fanokanan-tena, arahan'ny fankatoavan'ny Pretra miandraikitra ny Paroasy izay nanaovana ny fampianarana sy ny fanomanana dia misy ihany koa ny favoriana hafa arapotoana indray mandeha isam-bolana, miaraka amin'ny misionera na Misionera Montfortana hafa izay afaka, izany dia miompana amin'ny fanofanana voalohany.





Matetika koa, ny fihaonana amin'ny Katesizy no tonga manamafy orina ny aim-panahy Montfortana. **Ny vondrona tsirairay, ankoatra ny iraka itovizana amin'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fikambanana dia manana tanjona na iraka manokana atao amin'ny vavaka na fanompoana sy fiantrana izay fidiana sy ankatoavina miaraka amin'ny pretra eo an-toerana.** Ny vondrona tsirairay dia asaina hanao fivoriam-bavaka isam-bolana na isan-kerinandro.



Nihena be izany rehetra izany amin'ny lafiny iray noho ny areti-mandringana ary ny fanovàna ny asa rehetra koa etsy ankilany. **Raha vantany vao nohalefahana ny fitsipika nifehy ny aretina dianofaranana ny asa ary natomboka araka izay azo natao avy hatrany ny hafa.**

Ny tsy azo natao dia najanona ary niandry ny fiverenana amin'ny fisokafana indray. Nandritra ity fiandrasana ity dia nanohy ny diam-bavaka fanaon'izy ireo manokana ny vondrona an-dàlam-piofanana sy ireo izay efa nahavita ny fanokanan-tena, ka njery ny famantarana ny diosezy samihafa sy/na ny

Paroasy. **Ny fifandraisana amin'ny Fikambanana miaraka amin'ny vondrona tsirairay sy ny mpikambana tsirairay dia efa azo antoka tamin'ny alalan'ny**

fitaovan-tserasera ampitain-davitra “Whatsap”. Eny tokoa, nisy ny fomba “Whatsap” iray napetraka ho an’ny dingana tsirairay amin’ny Fanokanan-tena sy ny vondrona tsirairay izay efa nahavita ny Fanokanan-tena, misokatra ihany koa izy ity ho an’ireo maniry ny hiditra amin’ny fiainam-panahy Montfortana. **Misy lahatsoratra alefa isan’andro mankany amin’ny “Vondrona”**

tsirairay, mba ho vakiana sy hodinihana manokana. **Ny rohy “You Tube” sy**

“Zoom” ary ny “StremYard” ihany koa dia andefasana mivantana ny fotoambavaka: Fitsaohana ny Sakramenta Masina, ny Raozery Masina, ny Katesizy mahakasika ny Fanokanan-tena amin’i Jesoa amin’ny alalan’i Maria, ny aim-panahy Montfortana, ny hasivianandro amin’i Masina Maria notorontoronina tsy azon-keloka, ny hasivianandro amin’ny Noely, sns.. Mitohy amin’ny “Zoom” isan-kerinandro ihany koa ny “lectio divina” fanao mahazatra ao Trinitapoli.



5. INONA AVY IREO ASA MISSIONERA NA APÔSTÔLIKA ATAON'NY MPIKAMBANA, ISAMBATAN'OLONA NA MIARAKA, AMIN'NY ANARAN'NY VONDRONA?

Ny asa misionera ataon'ny mpikambana ao amin'ny Fikambanana, araka ny fahafahan'ny tsirairay sy ny fanomezam-pahasoavana ao aminy dia miainga amin'ny fitoriana tsotra eo amin'ny fiainany manokana, mijoro vavolombelona rehefa misy fotoana manokana, toy ny fivoriana amin'ny katesizy, laretirety ary ny fihaonam-be, hatramin'ny fahafahana manao asa manokana toy ny fanaovana asa an-tsitraro any amin'ny fonja, ny hôpitaly na ny trano fitaizana zokiolona.

Ny mpikambana sasany dia miasa ho toy ny mpanara-maso ny vondrona tsirairay. Ny sasany manome ny fahaiza-manaony amin'ny fanomanana laretirety sy fihaonam-ben'ny Fikambanana na Kongregasiona na manolo-tena amin'ny fanatanterahana ny asa fanirahana paroasialin'ny Misionera Montfortana na amin'ny fanatanterahana fotoam-pivavahana iray ao amin'ny Foibe « Totus Tuus »-n'ny Medjugorje.

Nanomboka teo, tao amin'ity foibem-paritra ity dia misy andiana mpikambana ato amin'ny Fikambanana manolotra ny sangan'asam-pitoriany amin'ny alalan'ny hira miaraka amin'ny seho sy hatsikana ombàna mozika ary fampisehoana itoriana ny vaovao mahafaly.





Amin'izao fotoana izao, noho ny valan'aretina Covid, indrindra nandritra ny vanim-potoan'ny fihibohana, tsy azo notanterahana ny ankamaroan'ny asa apôstôlika fanaon'ny Fikambanana, toraka izany koa ny asa fanompoana an-tsitrano. **Ankoatra ny fampitomboana ny vavaka manokana dia miaramiasa ireo lahika efa nahavita ny fanokanan-tena amin'ny fandrindrana ny fotoam-bavaka ampitain-davitra.**





Marcelo Di Gesù

Ny Foibe « Totus Tuus »-n'ny Fikambanana « Association Marie Reine des Cœurs » any Medjugorje dia nanohy hatrany ny fisokafany nandritra ny valan'aretina mba handray ireo mpivahiny, indrindra ireo avy any amin'ny firenena Atsinanana fa nisokatra ihany koa izy ho toeram-pivavahana sy fianarana ny aim-panahy izay isaorana ireo mpikambana ao amin'ny « Vondrona manao Voady» sy ny mpikambana hafan'ny Fikambanana miasa an-tsitrano avy any Italie sy Pologne.

Ny fision'izy ireo izay tohanan'ny Pretran-n'ny Fikambanana « Compagnie de Marie » dia miantoka ny vavaka tsy tapaka ho an'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fikambanana, ka mitondra eo an-tongotry ny « Mpanjakavavin'ny Fiadanana » ny talahom-bavaka izay ampitaina hatrany amin'ny Foibe arapanahy amin'ny alalan'ny vondrona rehetra sy ny “associés” rehetra. Tao anatin'ny volana vitsivitsy izay, toetr'aretina maro sy fanaintainana ary fahafatesana no hita nanakoako tao amin'ity trano ity ary amin'ity toerana ity dia antsoina hatrany hatrany hoe « fo ara-panahy » an'i Europa sy izao tontolo izao.



6. TETIANDRON'NY ASA MAHAZATRA

Hotanisaina manaraka eto:

Ny « andron'ny aim-panahy Montfortana » mandritra ny telo andro any Loreto amin'ny volana Septambra.

Ny fihaonam-be iraisam-paritra ao anatin'ny iray andro isan-taona any avaratra sy atsimon'i Italia amin'ny volana Jona.

Laretirety isam-bolana ao amin'ny foibem-paritr'I Trinitapoli, mandritra ny 4 andro.

Ny "lection Divina" isan-kerinandro ao amin'ny Foibem-paritra.

Ny Raozery Masina sy ny Fitsaohana ny Sakramenta Masina, ny asa isan-kerinandro sy ny asa pastoraly atao any amin'ny Paroasy.

Ny fandraisana anjaran'ny Fianakaviambe Montfortana amin'ny Litorjia (fiverenan'ny fety litorjika sy ireo fety manokana an'ny foibem-paritra)

Ny fivahinianana Masina any Medjugorje.

Ny fivoariana mahakasika ny katesizy amin'ny fiofanana manokana ho an'ny asa fanirahana sy ho an'ny "Vondrona manao Voady", vondrona fianarana...

Fandraisana anjara amin'ny asa fanirahana paroasialy karakaraina any amin'ny faritra samihafa any Italie.



7. OLANA SASANY SEDRAINIA

- a.** Olana amin'ny toe-java-misy eny anivon'ny fiarahamonina izay tena voafehin'ny tsy mpino amin'ny fandaozana ny finoana kristianina sy ny fampiharana ny finoana nentim-paharazana, atrehina amin'ny alalan'ny vavaka avy ao am-po izany, amin'ny fijoroana ho vavolombelona sy ny tolon-kevitra amin'ny fanarahana-dia ny aim-panahy Montfortana.
- b.** Krizin'ny Fiagonana, izy tenany mihitsy, vokatry ny fifaritahan'ny toe-tsain'izao tontolo izao sy ny fivoarana. Moa ve ny Fiagonana tsy tokony hamerina amin-kerim-po indray ny safidy mifanaraka amin'ny fiainana kristianina, amin'ny famerenana ny sain'ny tsirairay handinika indray ny Batemy noraisiny?
- c.** Toe-java-misy ankapobeny amin'ny fiolonolonana sy ny fitsitokotokoana, lamaodin'ny "samy maka ho azy", fa ny tena zava-doza dia ny fivavahana indraindray lasa fampatahorana, amin'ny fampihenana amin'ny ampahany ny firahalahiana sy ny fiaraha-miasa ary ny « fiaraha-manatanteraka ».



- d.** Ny kolon-tsaina nihilista sy ny krizy ara-toe-karena ary ny sosialy dia miteraka soso-kevitra mahafaly ho an'ny fainana kristianina ao amin'ny sekolin'i Maria izay nitondra hafaliana tao Kanà.
- e.** Ny krizy ara-toe-karena izay manohitra ny fifanampiana sy ny fanampiana ny mahantao amin'ny asa fanirahana Montfortana.
- f.** Ny krizy amin'ny asa an-tsitraro fa tsy handeha hikaroka indray ny maridrefin'ny asa apôsôlika amin'ny Fanokanan-tena Montfortana.
- g.** Ny valan'aretina Covid 19. Moa ve ny fanolorana ny fanaintainana ao anatin'ny vavaka ho an'ireo izay marary miaraka amin'ny fitandremana sy ny fiantrana an'ireo izay tsy trathy ny aretina no tsy hampanantona ny aretina? Etsy andanin'izany, moa ve ampy ny fitoriana ny Vaovao mahafaly sy ny fanaparitahana ny fainam-panahy trandrahina amin'ny alalan'ny haino aman-jery hafa ampitain-davitra?



“Krizin’ny Fiangonana, izy tenany mihitsy, vokatry ny fiparitahan’ny toe-tsain’izao tontolo izao sy ny fivoarana. Moa ve ny Fiangonana tsy tokony hamerina amin-kerim-po indray ny safidy mifanaraka amin’ny fainana kristianina, amin’ny famerenana ny sain’ny tsirairay handinika indray ny Batemy noraisiny?

**8. NY VONDRONA MANAO VOADY. FAMPANDROSOANA AN'ITY VONDRONA MANAO VOADY ITY.
INONA NY FIFANDRAISAN'IZY IREO AMIN'NY FARITANY, IZA IZY IREO, INONA NO
VOTOATIN'NY FIOFANANA ATAONY, NY ZO SY ANDRAIKINY. TOY NY AHOANA NY RAIKIPOHY
AMIN'NY VOADY ATAON'IZY IREO?**

Ny vondrona manao voady dia niforona vao roa taona lasa izay taorian'ny fananganana ny foibem-paritra. Ireo mahatsapa tena fa voaantso amin'ity fombam-piaianana manokana ato anatin'ny Fikambanana ity dia misy fiomanana ny fidirana ao aorian'ny fotoam-piomanana 2 taona farafahakeliny, araka ny lalam-piaianany manokana. Amin'ny ankapobeny, misy ny fotoam-pandinhana manokana arahina maharitra herintaona farafahakeliny, neverina ho toy ny karazana novisià, miavaka amin'ny fihaonana tena matetika amin'ny mpitantana ara-panahy, amin'ny fihaonana manokana mahakasika ny fandalinam-pinoana ary ny fiofanana manokana mikasika ny toro-hevity ny evanjely, amin'ny fahazavan'ny aim-panahy Montfortana ary amin'ny fotoanan'ny fiainam-pirahalahiana tena lava be miaraka amin'ny rahalahy mpiara-miasa ato amin'ny Vondrona manao Voady.

Ny mpikambana ao amin'ny Vondrona manao Voady dia mazava ho azy fa mandray anjara amin'ny fiainan'ny Fikambanana « Association Marie Reine des Cœurs », na amin'ny lafiny ara-panahy na amin'ny asa misionera : ao anatin'ny fanentanana ara-panahin'ny Firahalahiana ao amin'ny Foibem-paritra ao Trinitapoli, eo anivon'ny vondron'ny Fikambanana ihany koa ary ao anatin'ny fanampian'ireo Misionera Montfortana izay miasa miaraka amin'ny Fikambanana, amin'ny fihaonambe sy ny asa fanirahana amin'ny fanaparitahana ny aim-panahy Montfortana. Ho fanahafana an'i Maria, Reny mahatoky, antsoina manokana izy ireo amin'ny fandraisana ny aim-panahy ho an'ireo izay mizotra amin'ny fiainam-panahy na izay te hahafantatra be be kokoa ny aim-panahin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort (Fitsipiky ny Vondrona manao Voady – RGV 10-11).



Ny zo sy andraikitry ny mpikambana ato amin'ity vondrona ity dia apetrakin'ny Fitsipiky ny Vondrona manao Voady (RGV) amin'ny fanajana ny zava-misy iainan'ny tsirairay, araka ny toro-hevitrin'ny Fanahy ary mifanaraka amin'izay ambaran'i Jesoa Tompo fa ilaina mba hiombonana Aminy (RGV 5-7). **Ny mpikambana ao amin'ity vondrona ity, na amin'ny famoahana fanapahan-kevitra sy amin'ny fanavaozana ny voady na amin'ny fanaovana fanazarana sy fampiharana izany dia tsy maintsy maka ny fanapahan-kevitry ny Talen'ny foibem-paritra (RGV 3).** Amin'ny maha-fikambanana azy dia manana fiainana iraisana ihany koa izy ireo araka ny fomban'ny olom-boatokana, manana zo sy adidy mifanandrify amin'izy ireo ary mifampiakina mba hanamafisana ny fiainkantsika amin'i Jesoa sy Maria (RGV 8).

Ity ambany ity ny endriky ny voady noforonin'ny Montfortana ho an'ireo izay manolo-tena hiaina ny toro-hevitry ny evanjely.

“ So fanahafana an'i Maria, Reny mahatoky, antsoina manokana izy ireo amin'ny fandraisana ny aim-panahy ho an'ireo izay mizotra amin'ny fiainam-panahy na izay te hahfantatra be be kokoa ny aim-panahin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort



Fanoloran-tena miaraka amin'ny Voady:

Amin'ny faniriana te hanokana ny tenako
Ho lavorary kokoa ao amin'Andriamanitra,
mba ho Voninahiny irety ihany,
Ho fanompoana ny Fiagonana ao amin'ny
mahantra
Ary ho famonjena ny fanahy,
miaraka amin'ny fahasoavan'ny Fanahy
Masina eo anatrehan'i Masina Maria Virjiny
Lapan'ny Fahendrena
Sy Masindahy Louis-Marie de Montfort,
Mba hirosoako amin'ny lâlana nosafidiako
ara-panahy
Mankany amin'ny fahatanterahan'ny Evanjely
Eo am-pelan-tànanao ry Mompera.....

Solontenan'I Mompera Lehiben'ny
fikambanana
Compagnie de Marie maneran-tany

Izaho,...R...

Dia manao ny voadin'ny fahantrana, ny fanekena ary
ny fahadiovam-pitondran-tena, amin'Andriamanitra
Mahefa ny zavatra rehetra, mandritra ny herintaona
Ao anatin'ny toe-panahy izay efa voavolavola
Araka ny Sata mifehy ny Fikambanana "Association
Marie Reine des Coeurs" Ankatoavin'ny Fiagonana
ary raisiko amin'ny foko manontolo izany
fanomezam-pahasoavana sy iraka izany.

Jesoa Tompoko, Fahendren'Andriamanitra
mandrakizay, tonga nofo synofantsihana teo
amin'ny Lakroa Izay tonga andevo noho ny fitiavana
ahy sy ny olona rehetra Ary Maria Virjiny izay
ianteherako amin'ny zavatra rehetra sy ho an'ny
rehetra anie hanampy ahy hitandrina azy ireo amim-
pitokiana sy amim-paharetana.

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy
Masina. Amena. ■





“Ankehitriny, taorian’izay laland
nizorana izay, dia mahafinaritra ny
midera ny asan’i Maria, izay naoriny
nandritra ireo taona ireo tao
anatintsika sy teo amintsika, mba ho
tanteraka amin’ny zanany tsirairay
ny Fanjakan’i Jesoa zanany.

« Mampita ny lovam-panahy montfortanina »

Avy amin'i Arnold Suhardi, SMM



Mampita ny lovam-panahy montfortanina. Inona moa no tiana holazaina amin'izany ? Ny lova montfortanina dia :

1. mizara amin'ny hafa...
2. ...amin'ny fomba tsotra...
3. ...ny avy ao amin'ny fiainana...
4. ...izay entanin'ireo harena sy fampianarana kristianina fantatra sy niainan'i Louis-Marie de Montfort...
5. ... ary afaka azon'ny olona iray sy iainany ihany koa amim-pinoana mafy.



1. MIZARA AMIN'NY HAFA...


Manana mari-drefy ara-tsosialy ny fiainantsika. Ity fizarana ity dia miseho ao anatin'ireo fifampifaneraserana. Ny dikan'ny hoe mizara dia miteny, mitantara, manambara, manome, mampita amin'ny hafa, sahala amin'ny lova rehetra.

Ho an'ny Associé montfortanina iray, toy ny ho an'ny olon-drehetra ihany, ity fizarana ity dia mety hiainga «avy ao amin'ny tontolo akaiky indrindra», ilay hiainana sy hiasàna : **eo amin'ny fianakaviana, namana, mpiara-miasa.**

Ho an'ireo mpampiofana montfortanina manokana ohatra, ny olona hifampizàrany ny aim-panahy montfortanina dia ireo mpiofana any amin'ny trano fiofanana ihany. Ary ity fizarana ity dia afaka iainana eo anivon'ny tontolo mivelatra kokoa an'ny SMM, ny fianakaviambe montfortanina sy miaraka amin'ireo karazana hetsika sy fikambanan-drelijozy izay miaina ihany koa ny aim-panahy montfortanina eo amin'ny Fiagonana.

Ity fizarana ny aim-panahy montfortanina ity dia afaka atolotra an'ireo mahantra, tanora, ireo mitady an'Andriamanitra amin'ny alàlan'i Maria, ireo mitady izay heviny sy tanjom-piainany.

Izay zaraitsika dia izay anànantsika sy fantantsika na iainantsika ary mamokatra na efa namokatra. Tsy afaka ny hizara izay tsy anànantsika na tsy fantantsika na tsy iainantsika isika. Manana tokoa isika rehefa manan-javatra mifanentana amin'ny fitaovana iray na fanambarana iray, rehefa mahalala zavatra vokatry ny fikarahoana natao izay tsy voatery ho ara-tsiantifika ary indrindra rehefa miaina mifanaraka sy mifandray amin'izany amin'ny alàlan'ny fampiharana eo amin'ny zava-misy andavanandro.



Mila mitandrina anefa isika satria io fizarana io dia tsy dingana izay tanterahina rehefa avy nanana na nahalala na niaina isika. Satria na dia mbola eo am-panànana na eo am-pahalalàna na eo am-piainana aza isika dia efa afaka mizara sahadys. Ary io fizarana io aza dia fomba tena tsara hampitomboana izay hananana sy fantatra ary iainana. Ireo izay tsy mizara mihintsy ny aim-panahy montfortanina dia tsy manana azy, tsy mahalala azy ary tsy miaina azy akory aza fa mitahiry azy fotsiny. Tsy mandeha amin'ny lâlan-tokana ara-boajanahary ny fizarana fa mifamaly mandrakariva. Arakaraka ny hizarantsika bebe kokoa no anànantsika sy ahalàlantsika ary iainantsika bebe kokoa. Noho izany, ireo izay misitraka ny fizarana ny aim-panahy montfortanina dia tsy ireo mandray azy indrindra fa ireo izay mizara azy. Arakaraka ny hanomezantsika be no handraisantsika be koa.

Ity fizarana ity mety haka endrika fanambarana. Ny fanambarana izay novakiana, norenesina sy hita ary nankasitrahana dia manorina fiainana. Noho izany ny fanambarana sy ny fiofanana dia tsy misaraka. Ny fanambarana dia mitaona, manetsiketsika, mamporisika ary manainga ny fiainana ; mamolavola ny fomba fahatsapantsika izy, ny fomba fisainantsika ary noho izany dia ny fomba maha izy antsika. Ny aim-panahy montfortanina dia mamolavola ny maha izy azy ny olona iray amin'ny fomba lalina indrindra. Ny votoatin'io fizarana io noho izany dia ny fiainana mihintsy, ilay fiainana eo anivon'ny ankohonam-piainana izay resahina matetika.

2. ...AMIN'NY FOMBA TSOTRA...

Tsy lafo vidy ny fizarana, tsy mila vola izy, tsy mikitika ny fotoanantsika sarobidy... Satria mifandray amin'ny fiainana izy ary avy amin'ny fiainana ihany ka amin'ny fomba tsotra no fahatanterahany, toy ny mandeha ho azy, tsy mila ezaka manokana na fieritreretana be loatra na koa fandaminana. Mikoriana arak'izany izy, amimpahatsorana, toy ny tsio-drivotra, toy ny fiainana ihany. Fa ity fizarana ity dia miseho eo amin'ny lentan'ny olona manokana sy ao anatin'ny sehatra voafetra.

Raha toa ka misy valin-teny manan-keviny avokoa ao anatin'ny fifandraisana ara-tsosialy dia tokony ilaina ny fametrahana lamina rehefa mandroso ny fotoana. Satria raha marina fa lalam-pahasambarana kristianina ny harem-panahin'i Montfort, dia tokony hotoriana amin'ireo olona mihaona amintsika koa ny tsiambaratelo-piaianany : « tsy azonao atao ny mangina izay iainanao sy izay inoanao ». Ary hanomboka hiorina tsikelikely ny vondron'ireo « mpanjifa » ny aim-panahy montfortanina, izany hoe ireo olona rehetra izay mivelona amin'i « Montfort » sy hanao izany ho sakafom-panahiny. **Efa misy eo anivon'ny SMM izany rafitra izany, dia ny « Association Marie Reine des Cœurs ».** Ity Fikambanana ity dia azo safidianana mba ahatsotra ny fitantanana ireo olona miaina ny aim-panahy montfortanina izay mampivelatra kokoa, araka no tokony ho izy, ny fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria.



Mba hamahanana ireny olona ireny dia hitodika akaiky amin'ireo talenta ananany ny olona iray izay miaina ny aim-panahy montfortanina. Azo atao tsara ny mitondra izay talenta anànanana, amin'ny fomba miavaka, ho fanaparitahana ity aim-panahy montfortanina ity. Raha toa isika ka havanana kokoa amin'ny fitoriana dia afaka mampiofana na manome famelabelaran-kevitra. Raha toa ka manam-potoana hanoratana dia azo atao ny manoratra lahatsoratra iray na roa. Raha manan-talenta ara-java-kanto kosa dia afaka mamorona tononkalo na tononkira sy feonkira, fanentanana tantara an-tsehatra, famoronana dihy na karazam-panentanana hafa. Azo atao koa aza ny mampiditra olona maro izay manana ny talentany manokana avy ho amin'io tanjona io ihany, dia ny hizara ny aim-panahy montfortanina.



Tsy toy ny mpikambana tsotra vao noraisina ihany anefa ny mpikambana ao amin'ny vondrona fa tokony hitady koa fomba hiofanana mba handraisana anjara amin'ny misiôna iraisana : mampiely ny aim-panahy montfortanina, tonga mpianatra misiônera ao amin'ny Fiagonana ankehitriny miaraka amin'ny fiainana lokoin'ireo taratry ny aim-panahy montfortanina. Araka izany dia mipetraka ho azy ny fijoroan'ny « ekipa mpanentana » eo anivon'ny vondrona. Mizotra araka ny zava-misy ny fiaraha-miasa sy ny asa iombonana ao anatin'ny toe-tsaina miara-mandroso miombona.

Raha toa ka mihamaro sy « miha noana » ireto « mpanjifa » ny aim-panahy montfortanina ireto dia mety hianatra hikirakira ireo karazam-pitaovam-pifandraisana ara-tsosialy isika mba hifandraisana aminy sy hanakaikezana azy. Sady moa ve tsy filâna maharitra ihany koa ny fitantanana sy ny fiofanana mitohy ho an'ireo miaina ny aim-panahy montfortanina ? Manana zo amin'ny fitantanana avy amin'ny SMM ireo olona nandray ny aim-panahy montfortanina. Marina izany, indrindra raha toa izy ireo ka nirotsaka ao amin'ny Association Marie Reine des Cœurs, izay mifamatotra ara-dalâna sy ara-drafitra amin'ny SMM. Ankoatran'izany, any amin'ny toerana sasany, dia ampiasaina ho lakan-drano fanelezana ity aim-panahy montfortanina ity ny televiziôna, ny radio, ny gazety... ary efa mahazatra izany. Fantatro, ohatra, fa any Gitega, ao Burundi, dia mampianatra matetika ilay boky « Ny tena fitiavana sy fanajana an'i Masina Maria » ireo Militantes de la Sainte Vierge, ao amin'ny vondrona misiônera « Œuvres Mariales », amin'ny alâlan'ny fanentanana ao amin'ny Radio Maria isaky ny asabotsy.

Tsy azo atao velively ny manajanona ny fifandraisana amin'ireo eveka eo an-toerana sy ireo pretra tompom-paritany ao amin'ny fanelezana ny aim-panahy montfortanina.

Tokony hisy fiaraha-miasa miombona miorina ho an'ny tombontsoa ara-panahy sy misiônera an'ireo olona miaina ny aim-panahy montfortanina.



Miara-dia ny misiôna sy aim-panahy.

Nandritra ny favoriamben'ny provinsy dia nisy pretra rahalahy iray somary gaga fa tsy mitambatra ny Kômisiônina Aim-panahy Montfortanina sy ny Kômisiônina Misiôna ato amin'ny Fitondrana jeneraly am-perin'asa. Nilaza ny fahagagany koa izy fa mpikambana roa samihafa ao anatin'ny Filan-kevitra jeneraly no mpanentana an'ireto kômisiônina roa ireto. Araka ity pretra rahalahy ity ihany dia tokony hiara-dia ny aim-panahy montfortanina sy ny misiôna. Isaorana an'Andriamanitra moa fa rehefa nitohy ny resaka dia nekeny ihany ny mampiavaka azy amin'ny anaran'ny fanentanana sy ny fandrindrana rehetra ao amin'ireo kômisiôna roa ireo izay iray ihany anefa. Tsy natao hampisaraka mba hampifaninanana azy anefa izany fanavahana izany. Kanefa ny zava-dehibe tokony ho tsipihina dia izao manaraka izao : manana toetra misiônera ny aim-panahy montfortanina ary ny misiôna kosa dia mety sy tokony hiaraka amin'ny fanelezana ny aim-panahy montfortanina.



Nandritra ny fihaonako tamin'ireo pretra rahalahy zokiolona tao Saint-Laurent-sur-Sèvre tamin'ny faran'ny volana septambra lasa teo dia nisy pretra rahalahy iray nanontany izay mety hanosika ireo tanora an-dàlam-piofanana ato amintsika ho montfortanina.... Moa ve noho ny misiôna sa noho ny aim-panahy ? Mba hamaliana izany fanontaniana izany dia voatery nojerena ny momba ny tsirairay. Satria tsy nanana antony izay nanentana azy itovizana ireo mpiofana hirotsaka hamaly ny antson'Andriamanitra ato amin'ny montfortanina. Ho an'ireo mpiofana sasany aza dia mety tsy ny misiôna na ny aim-panahy montfortanina mihintsy aza no nanosika azy hiditra ato amin'ny SMM fa ny ho pretra-relijozy tsotra izao ihany. Hilazàna momba ny aim-panahy sy ny misiôna montfortanina izy ireo mandritra ny fiofanana arahany. Mety hisy aza, hatramin'ny fiafaran'ny fiaianany, dia tsy hahalala mihintsy hoe inona ny misiôna na ny aim-panahy montfortanina fa dia hanohy ny fiaianany sy hiasa toy ny pretra religiozy montfortanina fotsiny izy, tsy amin-doko miavaka. Hita eto ny maha zavadehibe ny fiofanana manontolo ao amin'ny fiaianana montfortanina.

3. ...NY AVY AO AMIN'NY FIAINANA...

Ny fizarana dia manana toeatra

iankinan'ny aina izany hoe

mahakasika ny « maha izy » fa tsy

voatery ny « atao ». Ny fiaianana kristianina marina dia efa fizarana vita satria hisy hatsaràna hanintonia ny fon'ny maro hitaratra avy aminy. Afaka hitarafana ireo harem-panahin'i Montfort ny fiaianana iray, toy ny fomba nazahoana tombony manokana ny mba ho sambatra toy ny kristianina. Ao amin'ny fiaianana tsara tokoa dia hita fa ny aim-panahy montfortanina dia fomba fiaianana misiônera marina izay ilain'ny Fiangonana anelanelan-taona. Milaza izany amin'ny fomba kanto ny Vavaka mivaivay.



Ity fijoroana vavolombelona niaianana ity no fanalahidry mahatoky ny fampitâna.

Satria tsy ny teny no miova fa ny fomba fiaianan'ny olona manonona azy ireny. Ilain'ity Fikambanana ity ny mampitombo ireo mpanentana na mpitarika ao amin'ny sehatry ny fizarana ny aim-panahy montfortanina amin'ny alàlan'ny teniny na nosoratana izany na nolazaina, fa indrindra ny mampitombo isa ireo olona miaina izany aim-panahy izany amin'ny alàlan'ny fijoroana vavolombelona marina.

Ny fijoroana vavolombelona ny fiaianana dia tsy voatery ho hita foana avy ety ivelany satria ny aim-panahy montfortanina dia tena ao anaty ; ny tena ihany no mahalala ireo zava-miseho rehetra ao anaty : ny fomba hanaovana ny zava-drehetra amin'ny alàlan'i Maria, miaraka aminy, ao aminy ary ho an'i Maria mba ahafahany manao ny zava-drehetra, amimpahalavorariana kokoa, amin'ny alàlany, miaraka aminy, ao aminy ary ho an'i Jesoa Kristy. Ny aim-panahy montfortanina dia fianarana manokana ho fanomanana ny fo amin'ny fiaianana anaty sy misiônera.

Amin'ny alàlan'ireo vokatra no hamantarana raha miaina tokoa ny aim-panahy montfortanina isika.

4 ... IZAY ENTANIN'IREO HARENA SY FAMPIANARANA KRISTIANINA FANTATRA SY NIAINAN'I LOUIS-MARIE DE MONTFORT...

Ny aim-panahy montfortanina dia tsy fiheverana fotsiny fa fandravonana tena lehibe manazava. **Ity aim-panahy ity dia misy ifandraisany amin'ireo lohahevitra samihafa ao amin'ny fampianaran'i Montfort :**

Andriamanitra Irery, Jesoa Fahendrena, ny Fanahy Masina, ny Fahatongavana ho nofo, ny Lakroa, ny fahambonian'ny mahantara, Maria, ny Batemy, ny fanavaozana ny Fanokanan-tena, ny misiôna na ny fitoriana ny Evanjely. Izany rehetra izany dia natao hozaraina amin'ny hafa, ao amin'ny fiainana.

Ny aim-panahy montfortanina dia azo itarafana ihany koa ireo hevi-dehiben'ny fiainana misiôneran'i Montfort :

fahalalahana, fahafahana, fiatahana, fitoriana ny Evanjely, Maria, mpanompo, fiaraha-miasa, fiahian'Andriamanitra, fahantrana, ny mahantara, ny toerana misy sy anjara asan'ny lahika, fanekena... ireo harena tsara amin'ny fiainan'i Montfort momba ny maha kristianina azy dia hotadiavina mba hampiharina amin'ny fiainana. Manaraka izany dia misy koa ny ezaka manokana atao mba hiainana izay ampianarin'i Montfort. Mba ho tena marina dia tsy tokony hisy firantsànanana mihintsy eo amin'ny finoana manokana sy ny fiainana.

Mahafantatra Associé iray izay mamaky ny asasoratra sy momba ny fiainan'i Montfort aho. Rahefa izany dia mampitaha amy sangy izay novakiany amin'izay fitondran-tenan'ireo Misiônera Montfortanina sasany izay fantany izy. Dia manontany tena izy hoe : « Inona moa no mahatonga ny fomba fiainan'izy ireo tsy mitovy amin'ny ny an'i Montfort ? ». Aminy manokana, i Montfort dia lehilahy tena heniky ny afon'ny Fanahy Masina, vonona amin'ny asa fitoriana, manome toerana an'i Maria ao amin'ny fiainana sy ny asa fitoriana, malefaka sy manampaharetana. Indrisy mantsy ! Tsy mba mahita ireo toetra ireo velively ao amin'ireo Misiônera Montfortanina fantany ity Associé namantsika ity.

Raha marina tokoa izany, araka ny tenin'ity Associé ity, dia azo lazaina fa misy ireo harena ao amin'ny fiainan'i Montfort no mbola tsy voaray sy tsy ampiharin'ireo Misiônera Montfortanina fantany ireo ao amin'ny fiainany.

Mahafantatra Misiônera Montfortanina iray izay manaiky entanin'i Montfort sy miasa mafy ho amin'ny fanelezana ny aim-panahy montfortanina koa aho. Mihomehy azy moa ireo pretra rahalahy sasany sady milaza hoe : « ity Mompera ity dia mandray ny tenany ho Montfort iray hafa ». Hita araka izany ary fa ny fanarahan-dia an'i Jesoa miaraka amin'ny aingampanahin'i Montfort dia tsy mora velively. Fa indrindra moa ny ho mpianatr'i Jesoa miaraka amin'ny aingampanahin'i Montfort amin'izao vaninandro izao.



5. ...ARY AFAKA AZON'NY OLONA IRAY SY IAINANY IHANY KOA AMIM-PINOANA MAFY.

Ity finoana mafy ity dia tovozina ao anatin'ny fifankazahoana ara-tsaina sy ara-panahy izay hainana miaraka amin'ny votoatin'ireo fampianarana sy harem-piaianan'i Montfort.

Raha tsy misy fifankazahoana am-po dia tsy misy fitiavana, tsy misy fahavononana ary vao maika tsy misy fahamarinana. Amin'ny alàlan'ny fifankazahoana am-po no ahatongavan'ny olona ho be hamorampo sy malalaka mba hizara ny aim-panahy montfortanina amin'ny hafa. **Tsy misiôna na asa ny fizarana ny aim-panahy montfortanina amin'ny hafa fa hafinaretana, hafaliana.**

Izany finoana mafy izany dia avy amin'ny fanamafisana ny fiombonana amin'i Jesoa izay namorain'ireo fampianaran'i Montfort. Toy ny andrana manazava izay ahitana tsara ny fetezan'ireo fampianaran'i Montfort ho an'ny Fiagonana amin'izao ankehitriny izao izy. Toy ny andrana niainan'i Paoly izay nanambara hoe : « Ny fainana ho ahy, dia i Kristy », na « Loza ho ahy raha tsy mitory ny Evanjely aho ». Izany no andrana mahery izay manome heviny feno amin'ny maha izy azy an'i Paoly sy Montfort. Noho izany, ity finoana mafy ity dia tsy fiheverana fa tena andrana fahafantarana ny momba ny tena; « wow » iray, na « ahaaa... » iray na koa « izay » iray.

Izany andrana izany no tokony efa niainan'ireo olona maro, amin'ny toerana samihafa, sy nanaparitaka ihany koa ireo fampianaran'i Montfort talohan'ny fisian'ny fianakaviana montfortanina : tany Pologne, Burundi, Kinshasa (RDC), Ouganda, Nigéria, Togo, Burkina Faso, Cameroun, Rwanda... Nahafantatra an'i Montfort i Jean-Paul II, fa efa ela taty aorianana kosa izy vao nahalala ny fisian'ny fianakaviana montfortanina.

Ity finoana mafy ity dia tsy manana toetra sendrasendra toy ny hoe hita anio dia tsy hita intsony ny ampitso. Tsia, toy ny zavatra mahamay izy, mafy, miredareda, izay manohy manakorontana ny fon'ny olona sy manetsika azy. Ny fon'ny olona iray izay nokasihan'ny aim-panahy montfortanina dia ho afapo tanteraka sy hitory « araka ny fotoana sy tsy ampoizina aza » ny finoany mafy amin'ny hafa, na hangatahana aminy izany na tsia. Ny anton'izany dia satria misy zavatra mahery ao am-pony ka tsy voafehiny samirery. Ny fitazomana izany ho an'ny tenany ihany dia tsy ho zaka. Ny olona iray mino amim-pinoana mafy sy lehibe dia hivoaka ny tranony ary hanomboka hanao ny zava-drehetra amin'ny fomba miavaka mba hanehoany izay ao am-pony. Ary mety hahalasa adala azy izany, hatrany amin'ny fanolorany ny tenany manontolo ho an'izay inoany, amin'ny fomba ahafahany manao izany. Raha tsy manana izany karazana adalana izany dia tsy afaka ny hanao zavatra manan'antony isika amin'ny fainantsika, na dia ho an'ny tenantsika ihany aza. Inona moa no mety nanosika an'i Mompera Luciano Ciciarelli, tsy hoe hamakivaky ny firenen'ny Amerika Latinina fotsiny, mba hanaparitaka ny fanokanan-tena nampianarin'i Montfort amin'ny fiateherana manokana amin'ny fiahian'Andriamanitra raha tsy izany hadalàna izany ?

Raha tsy misy hadalàna toy izany dia tsy ampy ny fandalinana ny aim-panahy montfortanina, tsy misy ezaka mihintsy ny amin'ny fanavaozana ny hafany, tsy misy ezaka ny hanomezan-danja izany hafatra izany sy ireo harem-piaianany.



Amin'ny fomba manao ahoana no afaka hiforongan'izany finoana mafy izany ao amin'ny olona iray ?

Voalohany indrindra, amin'ny fandinihana ny fiainan'ireo olona izay miaina ny fampianaran'i Montfort. Nandritra ny fivahinianana masina tany Lourdes nataonay ny 13 hatramin'ny 18 septambra lasa teo dia hoy ny diakra Yves Dupas tamiko : « Ny fahitako ny nataon'i Mompera Olivier Maire, tamin'ny nandraisany ilay mahatonga azy sy mifikitra hanohy ny famakiana azy sy hiverimberina amin'izany. Nentin'i Jean-Paul II nanaraka azy niasa tany amin'ny ozinina izay niasàny ny bokiny « Ny tena fitiavana sy fanajana ny Virjiny Masina » ary tsy handriny ny fotoanan'ny fiatoana kely mba hitady toerana mangina ahafahany manohy mamaky ny boky. Raha toa ka nisy ireo zavatra izay tsy dia azony tao anatin'izany tany am-boalohany, noho ny fanohipany ny famakiana ny boky dia nihanazava taminy avokoa ireny. Nankany hatramin'ny fandraisana ny tena fototr'izay niezahan'i Montfort nampitaina tao anatin'ny fomba fanoratany be loatra izay nosokajiany ho « mahagaga mahatsikaiky » i Karol Wojtyla (ny tena anaran'i Jean-Paul II).

Faharoa manaraka izany, amin'ny alàlan'ny famakiana boky matetika. Ny fomba famakiana manokana ireo asasoratr'i Montfort dia mety hitarika ny olona iray ho feno tanteraka an'ireo finoana mafy lehibe nanànan'i Montfort, ohatra amin'izany ny anjara asa sy toerana nanànan'i Maria tao amin'ny lâlam-pahamasinan'ireo mpino, nanomboka teo amin'ny batemy.



Tsy indray mandeha monja no famakiana ireo asasoratr'i Montfort fa averimberina satria aingam-panahy avy amin'ny Fanahy Masina izy ireny. Ao anatin'ireo teny natonta ireo dia misy fanahy sy fiaianana. Izany no « mampamoron-kevitra » ny fon'ireo izay mamaky azy sy mahatonga azy ireny mifikitra hanohy ny famakiana azy sy hiverimberina amin'izany. Nentin'i Jean-Paul II nanaraka azy niasa tany amin'ny ozinina izay niasàny ny bokiny « Ny tena fitiavana sy fanajana ny Virjiny Masina » ary tsy handriny ny fotoanan'ny fiatoana kely mba hitady toerana mangina ahafahany manohy mamaky ny boky. Raha toa ka nisy ireo zavatra izay tsy dia azony tao anatin'izany tany am-boalohany, noho ny fanohipany ny famakiana ny boky dia nihanazava taminy avokoa ireny. Nankany hatramin'ny fandraisana ny tena fototr'izay niezahan'i Montfort nampitaina tao anatin'ny fomba fanoratany be loatra izay nosokajiany ho « mahagaga mahatsikaiky » i Karol Wojtyla (ny tena anaran'i Jean-Paul II).

Hatramin'izao dia mbola vakian'ny olona maro ireo asasoratra sy tantaram-piainan'i Montfort. Momba ireny asasoratra ireny indrindra, raha naharay ny edisiona farany tamin'ny Livre d'Or de Montfort aho, ny 7 oktôbra 2021, dia nanoratra tamiko tamin'ny alàlan'ny mailaka i **Muriel Fleury**

(Direction de la Nouvelle Cité) hoe : **« mirary aho mba hanohy hanohina fo maro ireo lahatsoratr'i Louis-Marie Grignion de Montfort ». Ao amin'ny pejin'ireo asasoratra montfortanina dia mbola manohy manovo any an-doharano ny ranom-panahy misiônera velona mba hanalany ny hetahetan'ny fanahiny ireo kristianin'izao vaninandro izao, amin'ny maha mpianatr'i Jesoa azy, ao amin'ny herin'ny Fanahy Masina ho Voninahitr'Andriamanitra Ray.**

Amen. ■

FAMANGIAN'NY LEHIBEN'NY FIKAMBANANA REAN-TANY SY NY MPIARA MIASA AMINY : FOTOAM-PIFALIANA, FANKASITRAHANAARY FIANARANA HO AN'IREO ASSOCIES AO KENYA

Nosoratan'i Frera Amos Hope Makina, SMM,
Nairobi, Kenya

Mijanona ho andro iray lehibe ho an'ireo associés montfortanina, ny sabotsy 16 oktobra 2021, fahatsiarovana ho tantaraina eo amin'ny kihodalan'ny tantara .Io daty io no nihaonan'ny mopera Luiz Augusto Stefani, SMM lehiben'ny Fikambanana eran-tany , niaraka tamin'i Mopera Felix Mabvuto Phiri, SMM (assistant général misahina an'i Afrika sy Madagasikara) ary Mopera Arnold Suhardi, SMM (Assistant général misahina an'i Asia sy Océanie) tamin'ireo mpikambana associés ao Kenya , izay nandray azy ireo am-pifaliana, tao amin'ny ankohonan-piainanana iraisan-pirenena skolastika ao Nairobi.

Nandritra ny fihaonana manan-tantara, frera Amos Makina, SMM nandray ny lehiben'ny Fikambanana maneran-tany sy ny mpanampy azy, ary ireo mpikambana rehetra izay tonga tao. Nandritra ny fandraisan-pitenenana teo am-pandraisana, naneho ny fisiorana ireo mpikambana rehetra i Frera izay tonga maro nihaona amin'ny lehiben'ny Fikambanana eran-tany sy ny mpanampy azy. Mbola nampiany ny fankasitrahany ny associés montfortanina amin'ny fanoloran-tenany sy ny fitiavany ny Fianakaviana montfortanina hatrany , ary nankahery izy mba hanana fahalalahana handray anjara mavitrika amin'ny ady hevitra izay ho avy.

Nandritra ny Fivoriana, ny teboka lehibe ho an'ity taona ity mahakasika ny Taonan'ny Misionera kontinantalny ho an'Afrika sy Madagasikara izay niantsoana ny associés montfortanina rehetra.Ny lehiben'ny Fikambanana maneran-tany nizara horonan-tsary mitondra amin'ny fandinihana lalina mikasika ny lohahevitra Taonan'ny Misionera kontinantalny ho an'Afrika sy Madagasikara, toy izao « **Montfort, endrika fanantenana sy fiaianana ao amin'ny**

Fianakavian'Andriamanitra ».

Ny tapany faharoa kosa, fifampizarana nataon'i Mopera Arnold Suhardi, SMM, izay tompon'andraikitra ireo associés ao amin'ny Fikambanana, nanipika ny iraka sy ny andraikitra raisin'ny Fikambanana Associations de Marie Reine des Cœurs maneran-tany.


Nohazavainy fa mitombo ireo mpikambana ao amin'ny Fikambanana amin'ny firenena samy hafa sy maneran-tany ary amin'ny fanantenana mahavarana ety amin'ny kaotinanta Afrikanina sy ny nosy Madagasikara. Nankasitrahany ihany koa ny fandraisan'anjara ireo associés kenyana amin'ny Fianakaviana Montfortanina izay mahatoky sy tsy miova amin'ny aim-panahintsika sy miezaka isan'andro tia sy mahafantatra an'i Jesoa, Ilay Fahendrena tonga nofo, sy Masina Maria.



Mopera Arnold moa niresaka mikasika ny hetsika fanentanana amin'ny maha Administration Générale azy manoloana ny associés montfortanina.

Nohazavaina maharitra fa eo amin'ny fitantanana jeneraly, **misy komisiona manokana « Associés Montfortains dans le Monde »izay manao ezaka lehibe manampy ny rahalahy, anabavy, kristianina, hanara dia an'i Jesoa miaraka amin'i Maria araka ny fampianaran'i Montfort, mba ho tena zava misy tokoa ny Fanjakan'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria ao ampon'ny olona maro manerana-tany.**

Anisan'ny andraikitra raisin'ny Administration générale koa, ny fanentanana ny Associés Montfortains, hanaiky sy hanova ny sata mifehy ny Associés: ohatra mazava izao, ny fanekena ny tovana amin'ny sata natolotry Ivon-toerana any Phillipines. Ny Administration générale manazava sy mamaritra ny maha izy azy ny mpikambana Associé montfortanina iray. Inona ny Associé montfortanina ? Avy amin'ny fandinhana, toetra 3 no mivoaka araka ny ady hevitra natao: Associé Montfortain dia izay mpikambana voasoratra ao amin'ny rejistry ny mpikambana, izay miaina ny fanoloran-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Masina Maria araka ny fampianaran'i Md Louis Marie de Montfort izay lehibe sy mpitarika ara-panahy; ary farany ny associé montfortanina dia izay mandray anjar sy miara miasa amin'ny iraka ataon'ny Compagnie de Marie.



Ny Administration Générale no manendry ireo tale ara-panahy ny associés maneran-tany. Miahny ny fanafoanana ny fitokana monina eo amin'ireo samy ivon-toerana amin'ny alalan'ny fananganana akohonan-piainana isan-bondrona tamin'ny alalan'ny fananganana gazety boky JÉSUS

VIVANT EN MARIE azo vakiana amin'ny teninpirenena 7. Notsindrinan'i Mopera Arnold fa ny Associés tsy laika fotsiny fa misy eveka n pretra, relijiozy ary frera sy masera

Nampian'i Mopera Luiz Augusto Stefani SMM, (Supérieur Général) fa ankoatra ny mpikambana ao amin'ny Association Marie Reine des Cœurs, misy koa ny mpikambana nanao ny fanoloran-tena tamin'ny fomba mahaleo tena

Avy eo moa izy nangataka tamin'ny mpikambana associés ao Kenya mba hizara ireo raki-tsarobidin'ny aim-panahy maontfortanina amin'ny olona hafa. Nanentana ko aizy hiombona amin'ny fivavahana, hiray hina ary nohamafisiny ny rohy misy amin'ny Administration Générale sy ireo mpikambana associés montfortanina ao Kenya.



Nofaranana tamin'ny Eokaristia Masina ny fihaonana izay notarihan'i Mopera Arnold Suhardi SMM. Nohatrehin'ireo frera Md Gabriely moa ny Sorona Masina . tena fety maro loko. Nandritra ny toriteny no tsipihani Mopera Arnold ireo endrika 3 lehibe ny Tena Kristianina.

Ny tena Kristianina izay nihaona manokana tamin'i Jesoa ao amin'ny fiainan-panahiny sy ny trangan-piainana manokany, izay afaka vakiana eny amin'ny fiaianany i Jesoa Kristy (mandefany taratr'i Jesoa amin'ny alalan'ny fiaianana miray Aminy, sady tia azy no manompo Azy tsy mivadika VD 62); ary farany izay mitory an'i Jesoa Kristy amin'ny teniny sy ny fihetsiny.

Rehefa vita ny fankalazana ny Eokaristia , nankasitraka ny lehiben'ny Fikambanana maneran-tany sy ny mpanampy azy i Mopera P. Jacob Ombidi Otieno lehiben'ny Fikambanana ao Kenya noho ny fitiavan'izy ireo ny mpikambana Association Marie Reine des Cœurs. Notsipihany manokana ny fankasitrahany manokana ny Frera Amos Makina, SMM, noho ny fanoloran-tenany amin'ny fandraisany an-tanana ireo mpikambana Associés ao Kenya . Ary farany, nisaotra ireo olona rehetra tonga nanome voninahitra ny fotoana sy ny fanoloran-tena izy ireo amin'ny iraka ato amin'ny Fikambanana.

Nandritra ny famaranana nataon'i Mopera Luiz Augusto Stefani SMM naneho ny hafaliany tamin'ny fihaonana niaraka tamin'ireo Associés Montfortains izy , fihaonana izay nambarany « fihaonana amin'ny kalitao tsara » Nangataka amin'ny mpikambana izy hitazona hatrany ny fiombonana amin'ny alalan'ny vavaka mandritra ny taona misionera kaotinantly mba hitohy ary mba ho entin'i Maria hanohy ny irak'Andriamanitra isika. Ary nampanantena vavaka koa izy, ■

Fitsidihana Mopera jeneraly ny Associés Nairobi

Tamin'i George M. Ndinius,
Filohan'ny Associés montfortanina Kenya

Rehefa nahazo fanamafisana fa ho avy aty Nairobi Mopera jeneraly miaraka amin'i Mopera Felix Phiri sy Mopera Arnold Suhardi ny 16 Oktobra lasa teo, faly sahady izahay ary maraina izahay dia efa tonga tao « Maison Montfort ».

Vavaka notarihan'i Mopera Felix no nanombohanay ny fotoana. Fotoana fohy tao aorinan'ny vavaka, namonjy ny toerana fivoriana izahay.

Nandritra ny fivoriana , nambaran'i Mopera Arnold ny tatitr'ireo ivon-toerana napetraka eo am-pelatanan'ireo tale ara-panahy nasionaly sy rezionaly. **Nambarany koa fa mety ho lasa ivon-toerana nasionaly miaraka amin'i Ouganda. Raha mety izay , Tale ara- panahy iray ihany no tendrena ho an'ny firenena 2.** Rehefa vita ny fivoriana dia nitohy tamin'ny Eokaristia Masina ny fotoana.

Miaraka nisakafo izahay rehetra avy eo. Nisy ny fanolorana mari-pahatsiarovana ho an'i Mopera Jeneraly nataon'i Mathilde, associée ary avy eo mari-pahatsiarovana avy amin'ny associes rehetra natolotr'i George.

Nambara tamin'izay koa fa i George no hiaraka amin'ny Mopera jeneraly sy ny ekipany ho any Assemblée Continentale Mangochi, Malawi, solon-tenan'ny Associés eto Kenya. ■



Voilà nos coeurs, Enfant Jésus, / Mais des coeurs pauvres de vertus. / Enrichissez-les donc, de grâce, / Pour chanter ici tour à tour, / Puisque vous nous y donnez place: / Enfant Jésus, par votre amour / Régnez sur nous, et nuit et jour. (C 58,12)

«Inona àry no hataonay?»



12 DESAMBRA 2021

Aalahady fahatelo amin'ny Fiaviana – Taona C



Nosoratan'i Pierrette MAIGNÉ

Evanjelin'i Jesoa Kristy nosoratan'i Md Lioka (Lk 3.10-18)

Tamin'izany andro izany ,

Ary hoy ny vahoaka nanontany azy: Inona àry no hataonay?

Dia namaly izy ka nanao hoe:

Izay manana akanjo roa dia aoka hanome ny tsy manana; ary izay manan-kanina dia aoka hanao toy izany koa.

Ary nisy poblikàna nanatona hataony batemy koa, ka nanao taminy hoe: Inona no hataonay, ry mpampianatra ô?

Dia hoy izy taminy:

Aza mampandoa mihoatra noho izay nasaina halainareo.

Ary nisy miaramila koa nanontany azy hoe: Ary izahay kosa, inona no mba tokony hataonay?

Dia hoy ny navaliny azy: Fadio ny fanaovana an-keriny sy ny fitorohana, ary mahaiza mianina amin'izay karamanareo.

Ary raha mbola niandry ny olona, sy samy nisaina tao am-pony fa Joany angaha no Kristy, dia niteny Joany ka nanao tamin'izy rehetra hoe: Izaho manao batemy anareo amin'ny rano, fa avy ilay mahery noho izaho, ary tsy mendrika hamaha ny fehin-kapany akory aho: izy no hanao batemy anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo; eny antanany ny fikororohany ary hodioviny ny famoloany, ka ny vary hangoniny ao antsompitra, fa ny mololo kosa hodorany any amin'ny afo tsy mety maty.

Fananarana maro hafa koa no nentiny nitory ny Evanjely tamin'ny olona.



Ity andalana novakantsika ny alahady fahatelo amin'ny Fiaviana taona C, ny endrika i Joany Baptista no ivo.

Joany nitokana tany amin'ny tany efitra ary nitory ny batemin'ny fibebahana. Entin'i Md Lioka ny toriten'i Joany Batista, hitantsika eto ny ivon'ny toriteniny mikasika ny tokony atao.

Joany mamaly mivantana izay tonga natao batemy sy nametraka fanontaniana taminy: « Inona àry no hataonay? ».

Tsapantsika azo tsapain-tanana ny valiten'i Joany, mifanaraka amin'ny fiaianan'ny olona tsirairay.

Ny fibetsintsika isan'andro no famantarana ny fibebahantsika.

Fomba fiaina ara-tsosialy fa tsy fampiharana fampijalian-tena na fanaovan-tsonorona akory no iantsoana antsika voalohany.

Ahoana no tsy andrenesana ny akon'ny tenin'i Jesoa: Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompo, Tompo, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra; fa izay manao ny sitra-pon'ny Raiko izay any an-danitra, izy ihany no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra. (Mt.7, 21-23).

Mikea Mpaminany efa nanambara taonjato 8 talohan'izay: Inona no hoentiko hanoloana an'ny Tompo sy hiankohoka eo anatrehan'ny Andriamaniry ny any ambony?... Efa nampahalalaina anao, ry olombelona, izay tsara, sy izay ilain'ny Tompo aminao, dia ny hanao ny fahamarinana, ny ho tia famindrampo, ary ny hanaraka an'Andriamanitra amim-panetrentena (Mi,6.8).

Ny fibebahantsika azo refesina amin'ny fibetsika manoloana ny hafa: ny rariny, ny fanajana ny hafa, fandavana ny herisetra amin'ny lafiny rehetra, ireo no toetra angatahin'ny Tompo amintsika.

Hoy indrindra Papa Fransoa: « tsy mora ny manara dia an'i Jesoa. Mila manorina ny fianana eo ambony vatolampy sady manontany aiza ny ivo, fo mitempon'ny Tenin'Andriamanitra? Inona amin'ny farany, manome fahamarinan-toerana amin'ny fiaianana tsy misy farany? Tsy ho tapitra ny fiantrana. Izay manao ny tsara manomana ny ho avy. Ary isika, inona no andaniantsika ny fiaianantsika? (Anjelisy 14/11/2021).





Amin'izao fotoana nyfiaviana izay iomanantsika handraisana ny mpamonjy, izay no afaka mitondra antsika amin'ny fandinhana sy ny ataontsika.

Avy eo betsaka ny fanontaniana mipetraka: tsy Joany ve ilay mesia andrasana, mazava ny valinteniny: ilay andrasanareo, ho avy ao aoriako ary mpialoha ny lalany fotsiny aho, mikarakara ny fiaviany, mitory ny batem-pibebahana sy mitory ny Vaovao Mahafaly. Mpitondra hafatra, vavolombelona, izay no iraka ho ny vita batemy rehetra hanomana ny lalana ho an'Ilay ho avy. ■

O les douces tendresses, / O les tendres souris,
O les saintes caresses / Que vous fait ce cher Fils!
Heureux est votre sein, Vierge pure et fidèle, /
D'avoir compris l'immensité, / D'avoir nourri, d'avoir porté /
La Sagesse éternelle! (C 63,9)



O Jésus, votre dessein / En naissant dans l'étable /
Est de trouver dans mon sein / Un séjour agréable. /
Venez-y donc maintenant / Reposer avec gloire. /
Que je sois vaincu par un enfant, /
O la douce victoire ! (C 61,9)

MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE;
E-mail: rcordium@gmail.com ; <http://www.montfortian.info/amqah/>